
# Ireo fitahiana avy amin'ny vavaky ny mpianakavy, fandalinan'ny fianakaviana ny soratra masina, ary ny takarivan'ny mpianakavy

Rehefa mamaky ireto fampianarana manaraka avy amin'ireo mpitarika ny Fiangonana ireto ianao dia asio tsipika ireo fitahiana azo avy amin'ny fanaovana vavaky ny mpianakavy sy fandalinana ny soratra masina isan'andro ary takarivan'ny mpianakavy isan-kerinandro.



Nampianatra ny Loholona Richard G. Scott ao amin'ny Kôlejin'ny Roambinifololahy hoe:

"Ry ray aman-dreny, ampio ny zanakareo mba ho voaro amin'ny fanomezana azy ireo fiarovana izay azo avy amin'ny vavaky ny mpianakavy isa-maraina sy isak'alina. . . . Arovy amin'ireo fitaoman'izao tontolo izao isan'andro ny zanakareo amin'ny fanafiana hery azy ireo amin'ny alalan'ireo fitahiana mahery vaika izay ateraky ny vavaky ny mpianakavy. Tokony ho laharam-pahamehana tsy azo iadiana varotra eo amin'ny fiainanareo andavanandro ny vavaky ny mpianakavy.

". . . Ataovy ho lafin-javatra manan-danja eo amin'ny fiainanareo andavanandro [ny soratra masina]. Raha tianareo hahafantatra sy hahatakatra ny bitsiky ny Fanahy ny zanakareo ary handray andraikitra mifanaraka amin'izany bitsika izany dia tsy maintsy miara-mandalina ny soratra masina amin'izy ireo ianareo. . . . Ny fandalinana tsy tapaka ny soratra masina isan'andro no hahitanareo fiadanana eo anivon'ireo disadisa manodidina anareo sy hery hanoherana ny fakampanahy. Hanana finoana matanjaka ianareo ao amin'ny fahasoavan'Andriamanitra ary hahafantatra fa amin'ny alalan'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy no hahatonga ny rehetra ho tomombana araky ny fotoan'Andriamanitra" ("Ataovy Voalohany amin'ny Laharam-pahamehanareo ny Fampiasana Finoana," *Ensign* na *Liahona,* nôv. 2014, 93–94).



Nampianatra i Linda S. Reeves, avy ao amin'ny fiadidian'ny Fikambanana Ifanampiana maneran-tany hoe:

"Tsy maintsy mijoro ho vavolombelona aho ny amin'ny fitahiana azo avy amin'ny fandalinana soratra masina sy ny vavaka isan'andro ary ny takarivan'ny mpianakavy. Ireo no tena fomba fanao izay hanampy hanala ny fikorontanan-tsaina, hanoro ny fomba hitantanana ny fiainantsika ary hitondra fiarovana fanampiny ho an'ny tokantranontsika" ("Fiarovana amin'ny pôrnôgrafia—Tokantrano mifantoka amin'i Kristy," *Ensign* na *Liahona,* mey 2014, 16–17)."



Hoy ny Filoha Thomas S. Monson hoe:

"Ny vavaky ny mpianakavy no fisorohana lehibe indrindra ny fahotana, ary mpitondra fifaliana sy fahasambarana tena mahomby indrindra noho izany" ("Hallmarks of a Happy Home," *Ensign,* nôv. 1988, 69).

Saintsaino ireto fanontaniana manaraka ireto:

- Iza amin'ireo fitahiana ireo no efa niainanao tao amin'ny fianakavianao na hitanao tao amin'ny fianakaviana hafa?
- Inona no azonao atao amin'izao mba hahazo feno kokoa ireo fitahiana ireo?

© 2015 AN'NY INTELLECTUAL RESERVE, INC. ZO REHETRA VOATOKANA.